


# Haitao teknika manokana ho an'ny voly vary an-drano



# Ny vokatra no tsara dia ny masomboly!

*Hazavaiko ireo fototry ny fambolem-bary!*

**Tadidio mandrakariva fa ny asa rehetra atao hatramin'ny fanetsana no miantoka ny 80%n'ny vokatrao!**








Manomboka amin'ny masomboly tsara kalitao izany. Tokony hanova masomboly ianao rehefa hita fa tsy manome vokatra betsaka intsony.

**Izaho dia milaza aminao hoe sahia mividy masomboly tsara kalitao izay azo antoka fa hanome tombony ho anao.**

PAPRIZ

# Fampiasana zezi-pahitra maherin'ny 5t/ha mandritry ny fiasana tany








Maro aminareo no mihevitra fa ny zezika dia natao ho an'ny voly an-tanety fa tsy ho an'ny tanimbary satria hoe ny tanimbary efa lonaka. **Kanefa ny tena marina dia mila zezi-pahitra tokoa ny tanimbary!** Mazava ho azy fa tokony mitondra zavatra eo an-tanimbary ianao rehefa avy naka vokatra teo. **Raha tsy izany dia hihena tsikelikely ny vokatra miakatra.** Tsara kokoa ny mitondra zezika eny fa na dia tsy maintsy vidina aza izany. Azo antoka fa ahazoanao tombony izany!

Tsy maintsy atao ambany asa ny zezi-pahitra 1 volana mialoha ny fanetsana.

**Mitondra zezi-pahitra 2 sarety isaky ny velaran-tany 10 ara na 100 m x 10 m.**







Ho an'PAPRIZ, eo amin'ny masomboly 10 kapoaka dia mahafeno tanimbary 10 ara. Izany hoe 20kg ho an'ny 1 ha. Iray kapoaka safo vavany dia milanja 200 grama, izany hoe masomboly 1 kapoaka mahafeno 1 ara na velaran-tany 10 m ampitomboina 10m.




FIFANTENANA MASOMBOLY

3-5 andro





Araraka ao anaty seau misy rano ny masomboly ary esorina izay mitsingevana




FAMPITSIRIANA



Aza adino azafady ny manolo ny rano indray mandeha isan'andro raha tsy izany dia ho sempotra ary maty ny masomboly.

Ny fanomanana ketsa avy @ masomboly tsara kalitao dia miantoka sahady ny 50% n'ny fahombiazana. Noho izany dia mila matotra tsara rehefa manomana **taniketsa!**




**Ny sakan'ny taniketsa dia tokony ho 1 metatra, Mora karakaraina ny ketsa @zay.**











**Ny taniketsa dia asaina lalina. Potehina tsara ary atao malemy ny tany. Alefa miaraka @ asa ny zezika. Zezika 1 seau ho an'ny 5 m².**






**Ny haavon'ny taniketsa dia tokony hitovy amin'ny haavon'ny rano rehefa ampidirina ny rano avy amin'ny tatatra (10sm-15sm). Izany hoe ny haavon'ny rano dia mandrakotra manify ny taniketsa no tena tsara. Tokony haravona tsara ny taniketsa @ tahon'angady na zavatra mahitsy ary diovina tsara, esorina ny fako.**



Ndao hamafy eny an-taniketsa ary isika! Ny fatra dia tokony ho ***1 kapoaka safovavany ho an'ny 1 m². Ny 1m² dia tokony hahafeno 1 ara na 10 x10 m.*** Io no raikipohy. Azonao atao ny manisa hoe firy kapoaka na firy m² ny taniketsa ilaina mba hahafahana mameno ny tanimbary.








Afafy mahalana, tsy atoraka fa avela hiraraka moramora anelanelan'ny rantsatanana ny masomboly

Rakofana ny taniketsa aorian'ny famafazana. Avy eo dia tsindrina hifatratra @ tanana na angady. Avy eo rakofana bozaka na mololo eo amboniny hiarovana @ herin'ny masoandro, orana, sy ny biby mandra-paniriny tsara.














Aorian'ny fandrakofana ny taniketsa, sokafana ny tatatra ary ampidirina ny rano, haavony dia atao mitovy amin'ny haavon'ny taniketsa. Rakofana mandritra ny 3 andro, jerena matetika raha mipoitra ny tsimoka na tsia. Eo @ 4 andro eo vao esorina ny rakotra @ akapobeny.

Raha mampiasa ketsa tsara dia hitombo sady matanjaka no salama aorian'ny fanetsana.
Izay dia hampiova ny vokatrao!
Fintiniko io lafiny io: mila manomana ketsa salama sy matanjaka!








Asiana rano foana ny taniketsa. Raha mora ritina ny rano dia atao isaky ny 4 andro ary avela maina andro iray.
Tena ilaina io fa mampiroborobo ny fakam-bary. Raha azo atao dia tokony mamafy urée (na NPK na DAP) andro vitsivitsy mialohan'ny hanetsana. Ny fatrany dia iray tanana feno afafy @ $1m^2$

## Toy izao no fotoana tena mety hanetsana! 3 - 4 ravina! 2 - 3 herinandro








Eo @ 4 eo no isan'ny ravina. Mba hahazoana io ravina 4 io dia mila 14 andro @ faritra mafana sy ambany toerana fa 3 hatr@ 4 herinandro @ toerana avo sy mangatsiaka



Ny tena zava-dehibe dia ny fanapotehana tanteraka ny bainga ary mampalemy ny tany raha tsy izany dia tsy mitovy tantana ny fanirin'ny vary.
Araraka @izay ny zezi-bazaha sady mihosy ihany. Avela eo iray andro maninjitra ny tanimbary ary tsy misy rano miditra sy mivoaka.






Voalohany ny fihosena. Azo atao @ angady na omby izany. Ny fandravonana dia ilaina mba hampitovy ny fanirin'ny vary. Afindra amin'ny toerana iva ny tany avy @ toerana avo.







Mampiasa DAP na NPK sy urée. Ny fatrany ohatra dia 5kg DAP (na 10kg NPK) sy 5kg urée.

NPK na DAP
3 kapoka
=1kg

Urée
4 kapoka
=1kg

Rehefa manomboka mamafy zezika dia tsy azo avoaka intsony ny rano raha tsy izany dia lasan'ny rano mora fotsiny ireo singa (sakafo) ilain'ny vary..



Avela eo iray andro maninjitra ny tanimbary ary tsy misy rano miditra sy mivoaka.
Mandritra io andro iray io no hiraiketan'ireo sakafo ilain'ny vary @ tany.


Andao hanetsa @ zay ary é!
Ity no tena zavatra, manetsa tora-tady ka atao **2 na 3 ny miaramila isam-pototra.** Ny elanelana tsara dia **20cm x 20cm atao efamira**, na 25cm x 20cm atao mahitsizoro, na 25cm x 25cm atao efamira.




**Voalohany dia tondrahana rano ny taniketsa, atao mando tsara izay vao avotana ny ketsa.**







**Sorohina amin'ny angady no tsara fa tsy ongotana amin'ny tanana. Tsara raha misy fotaka manaraka ny faka.**





Ny elanelana tsara dia 20cm x 20cm atao efamira, na 25cm x 20cm atao mahitsizoro.
**Ny fanaovana ketsa tora-tady dia manamaivana ny fiavana ary mitovy tantana ny fitombony**




**Manetsa marivo eo @ 2 hatr@ 3 sm.**
Raha toa ka manetsa lalina toy ny fomba mahazatra dia ho taraiky ny fitombon'ny vary







**Mampiasa raionera amin'ny fanetsana fa manafaingana avo roa eny ny asa izany!**





Ny fiavana dia zava-dehibe miantoka ny vokatra aorian'ny fanetsana. Tokony atao in-droa ny fiavana. Ny voalohany **roa herinandro aorian'ny fanetsana**. Ny faharoa **30 hatr@40 andro aorian'ny fanetsana.**






Aorian'ny fanetsana, **fenoina rano eo @ 5sm eo ny haavony.** Tazomina io mandritra ny herinandro eo raha azo atao. Mampihena ny fanirin'ny ahi-dratsy izany. **Aorian'ilay herinandro voalohany ahena 2 na 3 sm eo ny rano.** Raha azo atao.







**Akarina hihoatra ny 5 sm ny haavon'ny rano mialoha ny hiavana ary tazomina mandritra ny 5 andro izany**. Izany no atao mba tsy hanirian'ireo ahi-dratsy indray. Ity dia karazana sarklezy novolavolain'ny PAPRIz. Tena maivana io an, na vehivavy aza afaka manosika azy. Raha mahaliana anao io dia manatona ny CFAMA Antsirabe Tel 020 44 488 11

## Ity misy safidy iray @ ity tapany farany. Andramo raha takatrao.










Urée
4 kapoka
=1kg

Raha mitondra urée ianao aorian'ny fiavana faharoa, hampitombo ny vokatrao izany.

Ny fatrany dia 2,5 hatr@ 5 kg ho an'ny 10 ara na 100m x 10m. Aza adino ny manidy ny rano mandritra ny andro vitsivitsy.









Olona vitsy dia afaka mampiasa ilay fivelezam-bary. Ankoatra izany dia mampihena ny voambary potika io milina io.

Raha mampiasa ilay milina fikororohana ianao dia tsy mila miandry rivotra. Ny tombon'ity milina ity dia mora ny fisafidianana masomboly.



Tsy dia horesahina firy fa mampihena be ny vola mivoaka ireo nefa tena mandaitra. CFAMA Antsirabe daholo no nanamboatra ireo.


**Be ny vokatra, be ny hafaliana! Izany no PAPRiz aminy**





## Fivoaran'ny Tombom-bokatra miaraka amin'ny « Teknika PAPRiz »

(Fiaraha-miasa miaraka amin'ny mpamboly vary any Bongolava )




## Fanadihadiana ny Vola nampiasaina/Tombombarotra MAMPIASA/ NA TSIA « Ny Teknika PAPRiz »

(2011, Taom-pambolena voalohany any Bongolava)

| *Ar /Ha* | *TEKNIKA NETIM-PAHARAZANA* | *MAMPIASA Teknika PAPRiz* | *FIAKARANA* |
|---|---|---|---|
| VOLA NAMPIASAINA FAMOKARANA (ao anatiny ny sarakantsaha ao amin'ny fianakaviana) | 753.789 Ar | 1.466.684 Ar | 195% |
| VOLA MIDITRA AMIN'NY VAROTRA | 900.000 Ar (1,5t/ha x 600Ar/kg) | 2.760.000 Ar (4,6t/ha x 600Ar/kg) | *306%* |
| TOMBOMBAROTRA (Fifandanjana eo amin'ny vola nampiasaina sy ny varotra) | 146.211 Ar | 1.293.316 Ar | *885%* |



PROJET D'AMELIORATION DE LA PRODUCTIVITE RIZICOLE SUR LES HAUTES TERRES CENTRALES (PAPRiz)
Tetik'asa Fanatsarana ny Famokaram bary amin'ny Faritra avo Anivon-tanin'i Madagasikara
Direction Génie Rural du Ministère de l'Agriculture, Nanisana – 101 Antananarivo
Tél: +261 (0) 20 22 597 45 - pap.riz@moov.mg